

DEMANDER ET INDIQUER SON CHEMIN / MANONTANY SY MANORO LALANA

Azo ambara fa sehatra fahita matetika ny manoro sy manontany lalana; indrindra rehefa mivahiny amina firenena na toerana iray izay mbola tsy fantatra tsara. Izany indrindra no anton'ny lesona izay natao hanomezana ireo fomba fiteny maro manodidina izany.

Demander son chemin / Manontany lalana

Misy fomba fiteny vitsivitsy azo ampiasaina rehefa manontany lalana.

- Bonjour, pour aller à la gare, s'il vous plaît? / Manahoana, aiza ny mandeha any amin'ny gara, azafady?
- Excusez-moi Monsieur, je cherche le Ministère de l'éducation. / Azafady oe Ramose, mba mitady ny Ministeran'ny fanabeazana aho.
- Pardon Monsieur, est-ce que vous savez où est le Musée du Louvre?
- / Azafady Ramose, mba fantatrao ve hoe aiza ny Musée du Louvre?
- Pardon, est-ce que vous savez où sont les toilettes? / Azafady hoe, sao dia mba hitanao ny misy ny trano fidiovana?
- Bonjour, quel est le chemin pour aller à la poste? / Salama, aiza kay ny lalana mankany amin'ny Paositra?
- Pardon Monsieur, où est-ce que je peux trouver un Shop Telma? / Azafady hoe Ramose, aiza kay no mety hahitako Shop Telma?
- Bonjour Madame, je suis perdu. Pourriez-vous m'indiquer le chemin pour aller à la station de bus? / Manahoana Madama, tena very aho. Mba azonao atoro ahy ve ny lalana mankany amin'ny fiantsonan'ny fiara mpitatitra?
- Excusez-moi, Madame, comment faire pour aller à l'aéroport? / Azafady hoe Madama, ahoana no hahatongavana any amin'ny seranam-piaramanidina?
- Bonjour, est-ce qu'il y a une pharmacie près d'ici? / Salama, mba misy fivarotam-panafody ve ety akaiky ety?
- Pardon Monsieur, est-ce qu'il y a une Station-service dans le quartier? / Azafady Ramose, misy fivarotan-tsolika ve ety amin'ity faritra ity?
- Excusez-moi, est-ce qu'il y a un bon restaurant près d'ici? / Azafady hoe, misy restaurant tsara ve manodidina ety?
- Pardon Monsieur, est-ce que vous pouvez m'emmener à la porte 112? / Azafady Ramose, mba azonao entina any amin'ny varavarana faha 112 ve aho?
- Est-ce que c'est loin d'ici? / Mbola lavitra miala eto ve?
- Est-ce que c'est proche d'ici? / Akaiky eto ve?
- Est-ce que je peux y aller à pied? / Azo andehanana an-tongotra ve?

Prendre le bus / Mandray taksibe

- Je prends quel bus pour aller à l'aéroport? / Inona no bus raisiko raha mandeha mankeny amin'ny seranam-piaramanidina?
- Combien d'arrêts y a-t-il jusqu'à la gare? / Misy arrêt firy mandrapahatonga eny amin'ny gara?
- Où dois-je prendre le bus? / Aiza aho no tokony mandray bus?
- Où dois-je descendre du bus? / Aiza aho no tokony hiala bus?

aller: mandeha

gare: gara

s'il vous plaît: azafady

excusez-moi: azafady, miala tsiny

chercher: mitady

ministère: ministera

éducation: fanabeazana

pardon: azafady

savez (v savoir): mahalala

musée: tranom-bankoka

toilettes: trano fidiovana

quel: inona

chemin: lalana

poste: paositra

peux (v pouvoir): afaka

trouver: mahita

perdu: very

pourriez (v pouvoir)

indiquer: manondro

station de bus: fiantsonan'ny fiara mpitatitra

comment: ahoana

faire: manao

aéroport: seranam-piaramanidina

pharmacie: fivarotam-panafody

près: akaiky

ici: ety, aty

station-service: toeram-pivarotan-tsolika

quartier: faritra manodidina

bon: tsara

restaurant: toeram-pisakafoana

proche: akaiky

prends (*v prendre*): mandray

arrêt: fijanonana

dois (*v devoir*): tsy maintsy

à pied: an-tongotra

combien: firy

jusqu'à: hatrany amin'ny

descendre: midina

pouvez (*v pouvoir*)

emmener: mitondra

porte: varavarana

loin: lavitra miala eto

Anglais Français en Ligne